


Izay ambaran'ny Baiboly momba ...

**Ny fitsanganan'ny
kristiana amin'ny maty
sy ny fampiakarana azy**



Izay ambaran'ny Baiboly momba ...

Ny fitsanganan'ny kristiana amin'ny maty sy ny fampiakarana azy

JCK



Novokarina sy navoakan'ny : Henoy ny Baiboly

Fanontana laharana : 027

D.L.I. : Marsa 2015

henoynybaiboly@gmail.com

TOPIMASO

1. IZA NO ATAO HOE KRISTIANA?	3
2. NY FIVERENAN'NY TOMPO JESOSY.....	8
Ahoana no ho fisehon'ny fitsanganan'ny maty ao amin'i Kristy?.....	10
Ny fampiakarana ireo rehetra nino ny Tompo Jesosy	13
3. Eo AM-PIANDRASANA NY FIVERENAN'I JESOSY...	16

Tsara raha vakiana araka izao filaharana izao ny boky ao amin'ny amboara faminaniana :

- ➲ Ny fitsanganan'ny kristiana amin'ny maty sy ny fampiakarana azy
- ➲ Ny fitsaran'i Kristy, ny satroboninahitra sy ny valim-pitia
- ➲ Ny Fampakarambadin'ny Zanak'ondry
- ➲ Ny fiafian'i Kristy sy ny ady ao Hara-magedona
- ➲ Ny Fanjakana arivo taona sy ny mandrakizay
- ➲ Ny fitsarana farany sy ny helo

1. IZA NO ATAO HOE KRISTIANA?

1.1 NY TSY FANKATOAVAN'I ADAMA NO NITARIKA NY ZANAK'OLOMBELONA HO AMIN'NY OTA

Adama, ilay olombelona voalohany, dia tsy nankatò an'Andriamanitra ka nitarika ny zanak'olombelona rehetra ho amin'ny ota, hany ka izay rehetra teraka dia manana ny ota ao anatin'y, araka ny voasoratra hoe: “*Koa izany dia tahaka ny nidiran'ny ota avy tamin'ny olona iray (Adama) ho amin'izao tontolo izao, ary ny ota no nidiran'ny fahafatesana, ka nahatratra ny olona rehetra ny fahafatesana, satria samy efa nanota izy rehetra...*” (Romana 5. 12).

1.2 NIRAHIN'ANDRIAMANITRA NY ZANANY HAMONJY ANTSIKA

Andriamanitra, Izay tia antsika ary tsy tia ny hahafatesan'ny mpanota, dia manambara fa hisy Mpamonjy ho avy: “*Ary ny anarany hataonao hoe JESOSY; fa Izy no hamonjy ny olony ho afaka amin'ny fahotany*” (Matio 1. 21).

Ho an'ny olombelona, izay manana toetra mpanota, Andriamanitra dia efa nanomana, teo anilany, Mpamonjy ho tonga amin'izao tontolo izao mba hanaisotra ny ota sy hanambara amin'ny olona rehetra ny vaovao mahaflin'ny famonjena. Jesosy, io Mpamonjy io, dia tonga teo anivon'ny vahoaka Israely, vahoaka natokan'Andriamanitra mba hitsena sy handray tsara ny Kristy, Ilay Mesia-Mpamonjy.

1.3 NY VAHOAKA ISRAELY DIA TSY NANAIKY AN'I JESOSY HO KRISTY, ZANAK'ILAY ANDRIAMANITRA VELONA:

“Tonga tany amin’ny Azy Izy, fa ny Azy tsy nandray Azy” (Jaona 1. 11).

Mba hanamafisana io fandavana io, dia nanameloka an'i Jesosy ireo mpitarika ara-pivavahana jiosy: *“Izahay manana lalàna, ary araka izany lalàna izany dia tokony ho faty Izy, satria nanao ny tenany ho Zanak’Andriamanitra”* (Jaona 19. 7). Raha ny marina anefa, dia ny fiarahamonina manontolo –Jiosy sy tsy Jiosy, mpitarika ara-pivavahana sy mpitarika ara-politika, miaramila sy vahoaka– no nandà Azy sy nanombo Azy teo amin’ny hazofijaliana: *“Teo no nanomboana Azy tamin’ny hazofijaliana, ary nisy roa lahy koa niaraka taminy, iray avy teo an-daniny roa, ary Jesosy teo afovoany”* (Jaona 19. 18).

Nefa nahatran’Andriamanitra tamin’i Jesosy teo amin’ny hazofijaliana ny sazy sahaza ny fahotantsika: *“Ny fampijaliana nahazoantsika fihavanana no namelezana Azy... ary nataon’i Jehovah nihatra taminy avokoa ny helotsika rehetra”* (Isaia 53. 5, 6).

Ary teo amin’ny hazofijaliana, rehefa avy niteny Jesosy hoe “Vita” (Jaona 19. 30), dia nanaiky ho faty an-tsitrano: *“Raiko ô, eo an-tananao no atolotro ny fanahiko”* (Lioka 23. 46). **Maty Jesosy, nefo natsangan’ Andriamanitra tamin’ny maty**, ny andro fahatelo: *“Fa ny Tompon’ny aina kosa no novonoinareo; fa Izy natsangan’Andriamanitra tamin’ny maty”* (Asan’ny Apostoly 3. 15).

Nomen’Andriamanitra voninahitra ny Tompo Jesosy, tamin’ny name-trahany Azy ho eo ankavanany, araka ny voasoratra hoe: *“Jehovah nilaza tamin’ny Tompoko (Jesosy Kristy) hoe: Mipetraha eo an-tanako ankavanana ambara-panaoko ny fahavalonao ho fitoeran-tongotrao’. Koa aoka ho fantatry ny taranak’Israely rehetra marimarina fa iny Jesosy nohomboanareo tamin’ny hazofijaliana iny dia efa nataon’Andriamanitra ho Tompo sy Kristy”* (Asan’ny Apostoly 2. 34-36).

Rehefa nomem-boninahitra toa izany Jesosy, dia **naniraka ny Fanahy Masina Andriamanitra tamin'ny Andro Pentekosta**, “*fa ny Fanahy tsy mbola nomena, satria Jesosy tsy mbola niditra tamin'ny voninahiny*” (Jaona 7. 39).

“Ary nony tonga ny Andro Pentekosta, dia teo amin'ny fitoerana iray izy rehetra... Ary samy feno ny Fanahy Masina izy rehetra”
 (Asan’ny Apostoly 2. 1, 4).

1.4 NAMBARA TAMIN’NY OLONA REHETRA NY FAMONJENA

Feno ny Fanahy Masina ny apostoly, ka nanjary vavolombelona mahery sy mahomby ho an’i Kristy nitsangana tamin’ny maty. Nanomboka nitory ny vaovao mahafalin’ny famonjena izy ireo, nanambara “*fa ankehitriny dia efa naharihary ny fahamarinana avy amin’Andriamanitra, tsy amin’ny lalàna anefa, fa ambaran’ny lalàna sy ny mpaminany, dia ny fahamarinana avy amin’Andriamanitra amin’ny finoana an’i Jesosy Kristy ho an’izay rehetra mino; fa tsy misy hafa, fa samy efa nanota izy rehetra ka tsy manana ny voninahitra avy amin’ Andriamanitra, nefo hamarinina maimaimpoana amin’ny fahasoaavany izy noho ny fanavotana izay ao amin’i Kristy Jesosy, Izay nasehon’Andriamanitra tamin’ny rany ho fanavotana amin’ny finoana, hanehoana ny fahamarinany amin’ny tsy namalian’Andriamanitra ny fahotana lasa tamin’ny nandeferany, mba hanehoana ny fahamarinany ankehitriny, mba ho marina Izy sady hanamarina izay manana finoana an’i Jesosy*” (Romana 3. 21-26).

Koa nasehon’ny apostoly tamin’ny olon-drehetra fa **azo idirana ny lanitra** ary vonona Andriamanitra hihaino ny mpanota. Anio dia mbola manan-kery io fahasoaavana io, ary antsoina ny olona rehetra hibebaka amin’Andriamanitra: “*Ary Andriamanitra ... ankehitriny ... mandidy ny olona rehetra amin’izao tontolo izao hibebaka, satria Izy efa nanendry andro iray, izay hitsarany izao tontolo izao amin’ny fahamarinana amin’ny alalan’ny Lehilahy iray voatendriny* (Jesosy), *koa efa nanome vavolombelona hampino ny olona rehetra izany Izy tamin’ny nananganany Azy tamin’ny maty*” (Asan’ny Apostoly 17. 30-31).

1.5 IREO IZAY MANAIKY NY VAOVAO MAHAFALIN’NY FAMONJENA DIA VOAVONJY, MANDRAY NY AIN’ANDRIAMANITRA ARY MANJARY ZANAK’ANDRIAMANITRA

Ireo izay manaiky sy mino io hafatra io —izany hoe Jesosy maty hisolo azy ireo ary natsangana tamin’ny maty— dia voavela heloka, voavonjy ary mandray ny aim-baovao avy amin’Andriamanitra. “*Fa izay rehetra nandray Azy (Jesosy) dia nomeny hery (nomen’Andriamanitra zo) ho tonga zanak’ Andriamanitra, dia izay mino ny anarany*” (Jaona 1. 12).

Manomboka eo izy ireo dia naterak’Andriamanitra, nateraka indray ary anisan’ny ankohonan’Andriamanitra. Ankehitriny ireo olona ireo dia afaka miteny hoe: “*Endrey! manao ahoana ny fitiavana nasehon’ny Ray ho antsika, dia ny niantsoana antsika hoe zanak’Andriamanitra, sady izany tokoa isika! ... Ry malala, ankehitriny aza dia zanak’Andriamanitra isika*” (1 Jaona 3. 1, 2).

1.6 NY ZANAK’ANDRIAMANITRA DIA ANTSOINA HOE KRISTIANA: VAHOAKA VAOVAO, VAHOAKAN’ANDRIAMANITRA

Ireo olona mino an’i Jesosy, Izay maty hamony ny tsirairay amin’izy ireo, dia antsoina hoe kristiana, izany hoe Kristy kely. “*Ary tany Antiokia no voalohany nanaovana ny anaran’hy mpianatra hoe Kristiana*” (Asan’ny Apostoly 11. 26). Izany no anarana nomena azy ireo, satria niaina toa an’i Kristy izy ireo.

Tsy miaina ho an’ny tenany intsony ireo kristiana ireo, fa miaina ho an’i Kristy, araka ny voasoratra hoe: “*Ary maty hamony ny olona rehetra Izay (Jesosy), mba tsy ho velona ho an’ny tenany intsony izay velona, fa ho an’Izay efa maty sy nitsangana hamony azy*” (2 Korintiana 5. 15).

Ireo kristiana ireo miaraka, no manorina vahoaka natokana ho an’ Andriamanitra, vahoaka novidiny tamin’ny “ra soan’i Kristy” (1 Petera 1. 19).

Ankehitriny koa, amin'izao vanimpotoanan'ny fahasoavana izao, dia mbola ampian'Andriamanitra ho anisan'io vahoakany vaovao io ireo olona rehetra mino an'i Jesosy Zanany, “*olona avy tamin'ny fokom-pirenena rehetra sy ny samihafa fiteny sy ny olona ary ny firenena rehetra*” (Apokalypsy 5. 9), na Jiosy na tsia.

Koa ahoana àry ny momba ny Israely, ilay vahoaka nofidin'Andriamanitra?

Nailika vetivety aloha Israely noho *ny tsy finoany* (Romana 11. 20), tsy finoana nitarika ho amin'ny fandavana an'i Kristy, Ilay Mesiany. Koa nesorina vetivety tamin'ny Israely amin'ny ankapobeny ireo fitahiana azy teto an-tany.

1.7 NY KRISTIANA, VAHOAKA VOAVIDY, DIA VAHOAKAN'NY LANITRA: MIANDRY NY FIVERENAN'NY TOMPO JESOSY IZY IREO

Ny kristiana nateraka indray dia vahoakan'ny lanitra, tsy fantatr'izao tontolo izao, ary misintaka ara-panahy aminy, mba ho an'i Kristy, Ilay Tompony, “*Izay nanolotra ny tenany noho ny fahotantsika, hanafahany antsika amin'izao miara-belona ratsy fanahy izao, araka ny sitrapon'Andriamanitra Raintsika*” (Galatiana 1. 4). Marina fa miaina eto an-tany izy ireo, saingy ny fiheviny dia mifanohitra amin'ny fihevitr'izao tontolo izao. Satria vahoakan'ny lanitra ny olom-boavidin'i Kristy, dia miandry ny fahatongavan'i Jesosy avy any an-danitra izy ireo: “*Fa ny fanjakantsika dia any an-danitra, ary avy any koa no iandrasantsika Mpamony, dia Jesosy Kristy Tompo*” (Filipiana 3. 20).

Koa ny kristiana, izay vahoaka voavidin'i Kristy, dia samy hafa mihitsy amin'ny vahoaka Israely, satria ao amin'i Kristy, any an-danitra, izay rehetra mety ho fitahiana azy. Ny kristiana dia “*miandry ny fanantenana mahafinaritra sy ny fisehoan'ny voninahitr'Andriamanitra lehibe sady Mpamony antsika, dia Jesosy Kristy, Izay nanolotra ny tenany hamonyj antsika, mba hanavotany antsika ho afaka amin'ny ota rehetra, sy hanadiovany izay olona ho an'ny tenany, sady ho mazoto indrindra amin'ny asa tsara izany*” (Titosy 2. 13-14).

2. NY FIVERENAN’NY TOMPO JESOSY

2.1 IREO FAMPANANTENANA RAKETIN’IO FIVERENANA IO NO FANANTENANA LEHIBE HO AN’NY KRISTIANA

Nampanantena ireo mino Azy Jesosy hoe: “*Ao an-tranon’ny Raiko misy fitoerana maro; raha tsy izany, dia efa nilaza taminareo Aho; fa handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho. Ary raha handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho, dia **ho avy indray** ka handray anareo ho any amiko, ka izay itoerako no hitoeranareo koa*” (Jaona 14. 2-3).

Ary ampiany koa hoe: “*Ary, indro, avy faingana Aho; sambatra izay mitandrina ny tenin’ny faminaniana amin’ity boky ity*” (Apokalypsy 22. 7).

2.2 TSY HISY FAMANTARANA MANOKANA HANAMBARA NY FIVERENAN’NY TOMPO HAKA NY VAHOAKA VOAVIDINY

Haneno tampoka “*ny fiantsoana*” (1 Tesaloniana 4. 16), antso manambara ny fahatongavan’ny Tompo haka ireo kristiana nateraka indray.

2.3 HISY DINGANA ROA AMIN’NY FIVERENAN’I JESOSY

➤ **Dingana voalohany, mifandraika amin’ny Eglizy** —izany hoe ny fitambaran’ireo nino an’i Jesosy, ary izy ireo ihany—, dingana hakana azy sy hitondrana azy ho any an-danitra.

➤ **Dingana faharoa, mifandraika amin’izao tontolo izao.** Amin’izay indray, ny Tompo Jesosy dia ho avy miaraka amin’ny Eglizy, izay efa nanjary Vadiny tamin’ny fampakarambadin’ny Zanak’ondry, mba hametraka ny fanjakany arivo taona: Ho “*tonga Izy (Jesosy) mba hankalazaina eo amin’ny*

olony masina sy higagana eo amin'izay rehetra mino amin'izany andro izany" (2 Tesaloniana 1. 10).

Eto isika dia tsy hijery afa-tsyz ilay dingana voalohany amin'ny fiverenan'i Jesosy, satria io no mifandraika amin'ny fampiakarana ny kristiana, izany hoe ireo rehetra nino Azy ary mandrafitra ny Eglizy.

2.3.1 Nahoana no misy dingana voalohany amin'ny fiverenan'i Jesosy?

Antony voalohany: mba hiarovana ny kristiana tsy hiharan'ny fitsarana izay hiseho amin'ny dingana faharoa.

"Satria efa nitandrina ny teniko ny amin'ny faharetana ianao, Izaho kosa hiaro anao ho voavonjy amin'ny andro fakam-panahy izay efa hihatra amin'izao tontolo izao ho fizahan-toetra izay monina ambonin'ny tany. Ho avy fain-gana Aho; tano mafy izay anananao, mba tsy hisy haka ny satroboninahitao" (Apokalypy 3. 10-11).

Koa ny kristiana dia miandry ny Zanak'Andriamanitra "avy any an-danitra, Izay natsangany tamin'ny maty, dia Jesosy, Izay Mpanafaka antsika amin'ny fahatezerana ho avy" (1 Tesaloniana 1. 10).

Antony faharoa: mba ho hitan'ireo mpino, izay nitia sy nanaraka an'i Jesosy nandritra ny fotoana nanaovan'izao tontolo izao Azy ho tsinontsinona, ny lafiny rehetra amin'ny voninahiny, eto an-tany sy any an-danitra.

Tsarovy fa hoy Jesosy hoe: "*Ray ô, tiako mba ho any amiko amin'izay itoerako ireo izay nomenao Ahy, mba hahita ny voninahitro nomenao Ahy izy; fa efa tia Ahy ianao, fony tsy mbola ary ny fanorenan'izao tontolo izao*" (Jaona 17. 24).

Aoka homarihina fa amin'ity dingana voalohany amin'ny fiverenan'ny Tompo ity, dia ny fahasoavan'i Jesosy no tena mamirapiratra amintsika: esoriny tsy ho amin'ity sehatra ota sy fitsarana ity isika, ary alainy ho eo anilany. Koa io fahatongavana io izany, dia fahatongavan'ny Tompo ho antsika kristiana.

2.3.2 Ahoana no ho fizotran'io dingana voalohany amin'ny fiverenan'i Jesosy io?

Ho avy Jesosy...

Hiantso ny Tompo, ary Izy tenany mihitsy no hidina avy any an-danitra haka ireo izay nino Azy.

“Fa ny tenan’ny Tompo no hidina avy any an-danitra amin’ny fiantsoana sy ny feon’ny arikanjely ary ny trompetran’Andriamanitra” (1 Tesaloniana 4. 16).

2.3.3 Vokatr’izany, ho an’ireo maty ao amin’i Kristy

Hitsangana amin’ny maty izy ireo, ary tsy hanan-kery aminy ny fahafatesana faharoa

“Sambatra sy masina izay manana anjara amin’ny fitsanganana voalohany; ireo tsy mba ananan’ny fahafatesana faharoa fahefana”
 (Apokalypy 20. 6).

Ahoana no ho fizotran’izany fitsanganan’ireo maty tao amin’i Kristy ireo izany?

- Handre ny feon’ny Zanak’Andriamanitra ireo maty tao amin’i Kristy, ary hivoaka velona avy ao am-pasana

“Aza gaga amin’izany; fa avy ny andro izay handrenesan’ny olona rehetra any am-pasana ny feony” (Jaona 5. 28).

“Dia hivoaka izy: izay nanao tsara dia ho any amin’ny fitsanganana ho fiaianana” (Jaona 5. 29).

• **Hitsangana ho amin'ny voninahitra ny vatana ary hanjary tsy mety lo**

“Dia toy izany koa ny fitsanganan’ny maty: Afafy amin’ny fahalovana izy, atsangana amin’ny tsy fahalovana; afafy amin’ny fahafaham-boninahitra izy, atsangana amin’ny voninahitra; afafy amin’ny fahalemena izy, atsangana amin’ny hery; afafy tena araka ny fomban’aina izy, atsangana ho tena araka ny fombam-panahy. Raha misy tena araka ny fomban’aina, dia misy araka ny fombam-panahy koa” (1 Korintiana 15. 42-44).

“Ary ny maty hatsangana tsy ho lo intsony...” (1 Korintiana 15. 52).

• **Ireo maty ao amin’i Kristy no hitsangana, aloha**

“... ka izay maty ao amin’i Kristy no hitsangana aloha”

(1 Tesaloniana 4. 16).

2.3.4 Ireo kristiana mbola velona amin’ny fahatongavan’ny Tompo Jesosy dia hovàna

2.3.4.1 Inona moa no atao hoe fanovana?

Ny vatan’ny kristiana dia hovàna ho vatana vaovao, ara-panahy sy feno voninahitra, rehefa ho tonga ny Tompo Jesosy.

“... ary isika hovàna. Fa ity mety lo ity tsy maintsy hitafy ny tsy fahalovana, ary ity mety maty ity tsy maintsy hitafy ny tsy fahafatesana”
(1 Korintiana 15. 52, 53).

“... avy any [an-danitra] koa no iandrasantsika Mpamony, dia Jesosy Kristy Tompo, Izay hanova ny tenan’ny fietren-tenantsika ka hitovy endrika amin’ny tenan’ny voninahiny, araka ny fiàsan’ny heriny, izay ahaizany hampanaiky ny zavatra rehetra ho Azy” (Filipiana 3. 20-21).

“Raha hiseho Izy (Jesosy), dia ho tahaka Azy isika, fa ho hitantsika Izy, dia izay tena endriny tokoa” (1 Jaona 3. 2).

2.3.4.2 Vokatry ny fanovana

Ny kristiana dia hitovy endrika amin'i Kristy, Ilay avy any an-danitra, rehefa ho tonga Izy

Ankehitriny izany ny kristiana dia taranak'i Adama, ilay avy amin'ny tany; ary rehefa hovana izy ireo, dia hitovy endrika amin'i Kristy, Ilay avy any an-danitra: hanjary mponin'ny lanitra, manana vatana avy any an-danitra.

Ny vatan'ny mpino dia hovàna ho vatana mitovy amin'ny an'i Jesosy ankehitriny, Jesosy nomem-boninahitra.

“Ny olona voalohany (Adama) avy amin’ny tany, dia tany; ny olona faharoa (Jesosy) dia avy any an-danitra. Izay amin’ny tany dia tahaka ilay amin’ny tany; ary izay any an-danitra dia tahaka llay any an-danitra. Ary toy ny nitondrantsika ny endriky ny amin’ny tany (Adama) no hitondrantsika ny endrik’lly any an-danitra koa (Jesosy)” (1 Korintiana 15. 47-49).

**Ny kristiana dia hitafy ny tsy fahafatesana:
tsy hanan-kery aminy ny fahafatesana faharoa**

“Fa rehefa mitafy ny tsy fahalovana ity mety lo ity, ary mitafy ny tsy fahafatesana ity mety maty ity, dia ho tanteraka ny teny voasoratra hoe:

‘Ny fahafatesana noresena ka levona’.

‘Ry fahafatesana ô, aiza ny fandresenao?

‘Ry fahafatesana ô, aiza ny fanindronanao?’ ”

(1 Korintiana 15. 54).

2.3.5 Ny fampiakarana ireo rehetra nino ny Tompo Jesosy

Ny kristiana mbola velona amin'ny fahatongavan'ny Tompo dia tsy hialoha lalana ireo izayefa maty, fa hiaraka hakarina izy ireo ho any an-danitra, izay fonenany.

“... ary rehefa afaka izany, dia isika izay velona ka mbola mitoetra no hakarina hiaraka aminy (hiaraka amin’ny maty ao amin’i Kristy) ho eny amin’ ny rahona hitsena ny Tompo any amin’ny habakabaka; dia ho any amin’ny Tompo mandrakariva isika” (1 Tesaloniana 4. 17).

“Fa ny fanjakantsika dia any an-danitra, ary avy any koa no iandrasantsika Mpamony, dia Jesosy Kristy Tompo” (Filipiana 3. 20).

Hoy Jesosy: “Ao an-tranon’ny Raiko **misy fitoerana maro**” (Jaona 14. 2).

“Kristy ... dia hiseho fanindroany, tsy amin’ota, amin’izay miandry Azy, ho famonjena” (Hebreo 9. 28).

2.3.6 Vokatry ny fampiakarana ny mpino

Ny fanovana ny tenan’ny fietren-tenan’ny mpino hitovy amin’ny tenan’ ny voninahitr’i Kristy no ho **dingana farany amin’ny famonjena antsika**. Ao amin’ny Romana 8. 23, dia lazaina fa izany no *“fanavotana ny tenantsika”*.

Dia ho tanteraka amin’izany ny fikasan’Andriamanitra momba ny mpino: *“Izay fantany rahateo no notendreny koa hitovy endrika amin’ny Zanany”* (Romana 8. 29).

Fanamarihana

Amin’ny fampiakarana ny mpino, izany hoe amin’ny fiverenan’ny Tompo Jesosy haka ireo rehetra nino Azy, dia **hifarana ny vanimpotoanan’ny Eglisy eto an-tany**. Io vanimpotoana io dia nanomboka tamin’ny nahatongavan’ ny Fanahy Masina tamin’ny Andro Pentekosta.

Ny tontolo aorianan'ny fampiakarana ny kristiana

Rehefa hiala miaraka amin'ny Eglizy ny Fanahy Masina, dia tsy hisy na inona na inona intsony hanakana ny ratsy, izay tsy ho hay tohaina amin'izay. Ao amin'ny Testamenta Taloha tokoa mantsy, ny Fanahy Masina dia niseho tsindraindray, nanatanteraka iraka voafaritra tsara. Avy tany an-danitra Izy no niasa. Fa nanomboka tamin'ny Andro Pentekosta, dia nidina avy tany an-danitra ho etè an-tany ny Fanahy Masina, mba honina ao amin'ny mpino. Ary satria eo Izy, dia voatazona ny ratsy ka tsy afaka manampatra tanteraka ny fahefany. Rehefa ho tonga avy any an-danitra ny Tompo, haka ny Egliziny, dia handeha ihany koa ny Fanahy Masina; noho izany, dia tsy hisy na inona na inona intsony afaka hanakana ny ratsy sy ny drafitr'i Satana hifehezany ny zanak'olombelona.

“Ary ankehitriny fantatrareo ny zavatra misakana (ny Fanahy Masina), mba hampisehoana azy (ny antikristy) amin’ny fotoanandrony. Fa miasa sahady ny zava-miafina, dia ny tsy fankatoavan-dalàna, kanefa mandrapanaisotra ilay misakana ankehitriny ihany” (2 Tesaloniana 2. 6-7).

Ny fiveranan'i Kristy am-boninahitra ihany no hanafoana ny fanjakan'ny ratsy.

2.4 INONA NO TOKONY HATAON’NY KRISTIANA, MANOLOANA IZANY FAHATONGAVAN’I JESOSY TSY HO ELA IZANY?

“Efa mby akaiky ny Tompo. Aza manahy na inona na inona... ary matoky indrindra ... fa Izay (Andriamanitra) nanomboka asa tsara ao anatinareo no hahatanteraka izany mandra-piavin’ny andron'i Jesosy Kristy”
(Filipiana 4. 5-6; 1. 6).

“Fa antomotra ny faran’ny zavatra rehetra; koa hendre ka mahonòna tena ho amin’ny fivavahana. Ary mihoatra noho ny zavatra rehetra, mifankatiava tsara” (1 Petera 4. 7-8).

“Mahareta koa ianareo, mampahereza ny fonareo, fa efa mby akaiky ny fiavian’ny Tompo. Aza mifampimonomonona...” (Jakoba 5. 8, 9).

“Ataovy ny zavatra rehetra amin’ny tsy fimonomononana sy ny tsy fisalasalana, mba ho tsy manan-tsiny sady tsy misy fitaka ianareo, dia zanak’Andriamanitra tsy manana adidy eo amin’ny firenena meloka sy maditra, izay isehoanareo tahaka ny fanazavana eo amin’izao tontolo izao, mitana ny tenin’ny fiainana” (Filipiana 2. 14-16).

“Fa ianao kosa, ry lehilahin’Andriamanitra, mandosira izany zavatra izany, ka **miezaha mitady fahamarinana, toe-panahy araka an’Andriamanitra, finoana, fitiavana, faharetana, fahalemem-panahy. **Miadia ny ady tsaran’ny finoana**, hazony ny fiainana mandrakizay; fa ho amin’izany no niantsoana anao”** (1 Timoty 6. 11-12).

“Mandehana amin’ny fahendrena amin’izay eo ivelany” (Kolosiana 4. 5).

“Mitondrà tena amin’ny fahatahorana mandritra ny andron’ny fivahinianareo ety” (1 Petera 1. 17).

“Fa na oviana na oviana ianareo no mihinana itony mofo itony sy misotro amin’ny kapoaka, dia **manambara ny fahafatesan’ny Tompo ianareo mandra-piaviny”** (1 Korintiana 11. 26).

“Izaho mananatra anao eo anatrehan’Andriamanitra, Izay mamelonanay zavatra rehetra, ary eo anatrehan’i Kristy Jesosy, ... mba hotehirizinao tsy hanan-tsiny amam-pondro hatramin’ny fisehoan’i Jesosy Kristy Tompontsika **izany didy izany; ny Andriana finaritra sady tokana, Mpanjakan’ny mpanjaka sy Tompon’ny tombo, no haneho izany amin’ny fotoanany; Izy ihany no manana ny tsy fahafatesana, mitoetra eo amin’ny mazava tsy azo hatonina, Izay tsy hitan’olona sady tsy hainy jerena”** (1 Timoty 6. 13-16).

2.5 INONA NO HANJO IREO IZAY TSY NATERAKA INDRAY, REHEFA HO AVY NY TOMPO HAKA NY EGLIZY?

Hijanona eto an-tany izy ireo:

satria “*ny nofo aman-dra tsy mahazo mandova ny fanjakan’Andriamanitra, ary ny fahalovana tsy mandova ny tsy fahalovana*”
 (1 Korintiana 15. 50);

satria ho tonga aminy “*ny andro fakam-panahy izay efa hihatra amin’ izao tontolo izao ho fizahan-toetra izay monina ambonin’ny tany*”
 (Apokalypsy 3. 10).

3. EO AM-PIANDRASANA NY FIVERENAN’I JESOSY, HO ANAO IZAY EFA NATERAKA INDRAY...

Hoy Jesosy hoe: “*Eny, avy faingana Aho*”;

koa afaka mivavaka ianao hoe: “*Amena. Avia, Jesosy Tompo!*”
 (Apokalypsy 22. 20).

Ny fitsanganan'ny kristiana amin'ny maty sy ny fampiakarana azy

“Fa ny tenan’ny Tompo no hidina avy any andanitra amin’ny fiantsoana sy ny feon’ny arikanjely ary ny trompetran’Andriamanitra” (1 Tesaloniana 4. 16), mba haka ireo izay nino Azy.

Ahoana no ho fisehon’izany fitsanganan’ny maty ao amin’i Kristy izany? Inona no hitranga amin’ny fampiakarana ireo izay nino ny Tompo Jesosy? Ho aiza izy ireo aorianan’ny fampiakarana azy? Inona no hanjo ireo izay mbola tsy nateraka indray, amin’ny fiavian’ny Tompo?

Izany no fanontaniana valian’ity bokikely ity, amin’ny alalana andinin-tSoratra Masina, mba hampitandremana ny tsirairay, hahafahany manapa-kevitra ny hihavana amin’Andriamanitra ka ho vonona rehefa ho tonga Jesosy hampiakatra ny kristiana.

EHB - Réf. : DP001MA



9 230111 300138